www.fjkmambohitantely.org




# GAZETY Tantely

"Ary ny toho-tantely ho mamy eo am-bavanao" (Ohab. 24:13)

**Laharana faha-84 / 06 Oktobra 2019/ 1.000Ar**



"... Lozako raha tsy mitory ny filazantsara aho!" IKor 9:16b

NY TARANAKY NY MPITANDRINA ANDRIANONY SY RAZANAMANANA VADINY
(Tonian'ny isan'enim-bolana)

DIA FALY MANASA ANAREO HANOTRONA NY FOTOAM-BAVAKA IZAY HANDRAISANY ANJARA AO ANATIN'NY HERINANDRON'NY TARANAKA

NY ALATSINAINY 30 SEPTAMBRA 2019 MANOMBOKA AMIN'NY 6.15 HARIVA

AO AMIN'NY FJKM AMBOHITANTELY

Hery lehibe ho anay ny fahatongavanareo maro



« ... Raha mifankatia isika, dia mitoetra ato amintsika Andriamanitra, ary tanteraka ato amintsika ny fitiavany »
I JAONA 4/12

NY TARANAK'ITOMPOKOLAHY RASOAMAHARO VINCENT SY RATSIHOSENA ARY RASOAMAMPIANINA

DIA FALY MANASA ANAREO HANOTRONA NY FOTOAM-BAVAKA IZAY HANDRAISANY ANJARA AO AMIN'NY HERINANDRON'NY TARANAKA

NY TALATA 1 OKTOBRA 2019 MANOMBOKA AMIN'NY 6 ORA SY FAHEFANY HARIVA KA HATRAMIN'NY 7 ORA SY SASANY

Ny fahatongavanareo maro be no hery lehibe ho anay



«Fa ny fahasoavan'Andriamanitra no nahatoy izao ahy...» (I Kor 15:10)

Ny taranaky ny mpitandrina Ralibera Rainy sy Razaiarivony vadiny

dia faly manasa anareo hanotrona ny fotoam-bavaka izay handraisany anjara ao anatin'ny Herinandron'ny Taranaka

*ny Alarobia 2 Oktobra 2019 amin'ny 6:15 hariva*

ao amin'ny FJKM Ambohitantely



I Pet.2:9 "Fa hianareo kosa dia Taranaka voafidy, Fanjakà-mpisorona, Firenena masina"

Herinandron'ny Taranaka 2019 FJKM Ambohitantely

**Ny Terak'i Rainianjavao sy Ranivo**

dia faly manasa antsika rehetra hiaraka hiombom-bavaka amin'izy ireo,

ny zoma **4 oktobra 2019** amin'ny **6ora sy 15mn**

ao amin' ny **FJKM Ambohitantely,**

noho ny fankalazana ny herinandron'ny Taranaka 2019.

Misaotra Tompoko

## « Indro havaoziko ny zavatra rehetra » (Apo. 21 :5)


| | |
|---|---|
| Sabatry ny Fanahy | >2 |
| Editorial | >3 |
| Fetin'ny Taranaka | >3 |
| Voan-tsampana | >4 |
| Ireo Birao vaovao | |
| SAFIF | >4 |
| Chorale Ambohitantely | >5 |
| Tenin'ny tanora | >6 |
| Isika samy isika | >7 |
| Fiandraiketana ny Asa Sosialy | >7 |
| SAMIHAFA | >8 |


GAZETY AVOAKAN'NY F.J.K.M. AMBOHITANTELY

# « Indro havaoziko ny zavatra rehetra » (Apo. 21 :5)

Fony vao nanota ny olo,belona ka nihodina tamin'Andriamanitra dia efa nalahelo azy Andriamanitra ary nampanantena famonjena (Gen 3 :15, 21) sy fiainam-baovao. Raha tsorina, ny Baiboly na ny Soratra Masina dia mirakitra izay lalana sy planin'Andriamanitra momba ny fanavaozan'Andriamanitra izao tontolo izao.

Amin'ity Apokalipsy ity Andriamanitra dia mampanantena ny fahatanterahan'ny fanavaozana efa nampanantenainy hatrany amin'ny andron'ny fiandohan'ny fahalavoana. Ireto lafin-javatra telo ireto no azo amahavahana ny teny hoe « Indro havaoziko ny zavatra rehetra ».

**Ao amin'i Jesoa Kristy irery ihany no ivon'ny fanavaozan'Andriamanitra**

Tsy kisendrasendra velively raha aty amin'ny bokin'ny Apokalipsy ary amin'ny toko mamarana ny Soratra Masina manontolo no nitenenan'Andriamanitra ny fanavaozany. Fony teo amin'ny hazofijalian'i Jesoa dia isan'ny teny fito farany noalazainy ny hoe « vita » (Jao. 19 :30), raha ny Filazantsara araka an'i Jaona no jerena.

Mifamatotra amin'izany Filazantsara araka an'i Jaona izany ity hafatry ny Apokalipsy an'i Jaona ity, izay maneho fa vitan'Andriamanitra tamin'ny alalan'i Jesoa ny fanavaozana izao tontolo izao izay nosimban'ny fahotana, na ny fahariana vaovao. Izay rehetra mangetaheta fanavaozana na fiainam-baovao dia tsy maintsy mandray izany amin'ny alalan'i Jesoa. Fiasam-panavaozana eo am-pelatanan'Andriamanitra avokoa ny zavatra rehetra, toy ny talenta, ny fanomezam-pahasoavana, ny fiantsoana, sy ny hafa ; fa ny hany loharanon'y fanavaozana dia aoamin'i Jesoa.

Tsy misy fihavaozam-panahy, tsy misy fihavaozam-piainana raha tsy ao amin'i Jesoa. Hamafisin'i Jaona io ka hoy izy : « Izay manana ny Zanaka no manana ny fiainana, izay tsy manana ny Zanaka no tsy manana ny fiainana ». Ny finoana an'i Jesoa ho Zanak'Andriamanitra sy ny fanekena Azy ho Tompo sy Mpamonjy no fandraisana ny fanavaozana nataon'Andriamanitra.

Asa mahagagan'Andriamanitra irery ihany ary tsy takatry ny saina maha olombelona ny fanavaozana ataon'Andriamanitra ateraky ny finoana ny famonjena nataon'ny Zanany Lahitokana. Fiovam-penitra, fiovam-po, fibebahana no ateraky ny finoana sy fandraisana ny famelan-keloka natolotra tamin'ny alalan'i Jesoa.

Koa ny hoe : « Indro havaoziko ny zavatra rehetra » dia Tenin'Andriamanitra tamin'ny alalan'i Jesoa.

**Asan'Andriamanitra irery ihany ny fanavaozana**

Isan'ny foto-kevi-dehibe notoherin'ireo mpanitsy fivavahana protestanta ny filazana fa afaka misafidy sy manao an-kalalahana ny tsara ny olona. Asehon'ireo mpanitsy fivavahana fa ny fahotana dia nanimba ny olona manontolo sy ny olona rehetra ; nanimba ny safidin'ny olona sy nampahalemy azy, ka tsy nahafahany mifidy ny tsara na manana ny herim-panahy koa hanao ny tsara.

Ny fahotana dia nankona sy nahajamba ny olona ka tsy nahitany ny fahatsaran'Andriamanitra intsony ary nampahalemy ny safidiny sy ny heriny ka nampirona azy ho mora manao ratsy.

Araka izany, ny mifanohitra amin'ny sitrapon'Anriamanitra mandrakariva no ironan'ny safidin'ny olombelona amin'nymaha mpanota azy. Araka izany dia tsy manana hery sy finiavana hanavao tena sy ny hihavao mainka moa fa hanavao ny hafa ny olombelona.

Ny Soratra Masina manontolo dia maneho sy mampiharihary ny maha mpanota ny olona sy ny mampahalemy azy eo anoloan'ny fahotana ka mahatonga an'Andriamanitra naniraka ny Zanany hamonjy azy. Miharihary, araka izany, fa asan'Andriamanitra madiodio ny fanavaozana ny olona. Zava-dehibe ny fiezahan'ny olona, saingy efa nateraky ny fahasoavan'Andriamanitra izany. Io finiavana hiezaka ho amin'ny fahatsarana na ny fihavaozana io dia tsy herin'olombelona fa efea fiasam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra.

Hoy ny Apostoly Paoly : « Fa fahasoavana no namonjena anareo…tsy avy amin'ny asa fandrao hisy hirehareha » (Efe. 2 :8,9). Koa raha miezaka manao ny sitrapon'Andriamanitra isika dia efa vokatry ny fahasoavan'Andriamanitra sahady izany.

**Andriamanitra irery no manendry ny fotoam-panavaozana**

Amin'ny maha mandrakizay an'Andriamanitra dia mivelatra eo imason'Andriamanitra ny lasa sy ny ankehitriny ary ny ho avy. Amintsika olombelona no zava-dehibe ny fivadibadiky ny fotoana satria fohy rahateo ny taonantsika (70 na 80 raha tahiny mateza) fa amin'Andriamanitra dia mielina ary tsy zava-dehibe ny fotoana satria mandrakizay ny taonan'Andriamanitra.

Tsy mitovy, araka izany, ny famataranandron'Andriamanitra sy ny famataranandron'olombelona, araka ny tenin'i Petera rahateo manao hoe : « Ny indray andro amin'Andriamanitra dia arivo taona amin'olombelona ». Teny hoenti-milaza fotsiny izao fa ny fotoanantsika tsy fotoanan'Andriamanitra.

Marina loatra fa tamin'ny alalan'i Jesoa dia nanaiky niditra tao amin'ny tontolon'ny fotoanan'ny olombelona Andriamanitra, ka na dia mandrakizay aza Izy dia nanjary niombona fanisam-potoana tamin'ny olombelona noho i Jesoa. Mazava tsara anefa fa Andriamanitra irery ihany no Tompon'ny tantara sy manendry ny fotoana itsofohany eo amin'ny fiainan'ny olona hanavaozany ny olona sy ny zavatra rehetra.

Ny isan'androntsika dia fiasam-panavaozana ataon'Andriamanitra, saingy ny tsy tokony hohadinointsika dia Andriamanitra no Tompon'ny tantara ka manavao ny tsirairay, ny Fiangonana, ny firenena, araka ny fotoana voatendriny. Ny zava-dehibe dia ny hananantsika fahatokiana sy fiankinan-doha amin'ny fiasan'Andriamanitra.

Ho marina amin'ny fiainantsika isan'andro anie ny Tenin'ny Tompo hoe : « Indro havaoziko ny zavatra rehetra ».

Ho an'Andriamanitra irery ny Voninahitra.

***Ny Mpitandrina***

**« ARY MIRAVORAVOA AMIN'I JEHOVAH IANAO, DIA HOMENY ANAO IZAY IRIN'NY FONAO"**
***Salamo 37 : 4***

Ry hava-malala ao amin'ny Tompo ! Tonga indray ity ny FETIN'NY TARANAKA 2019 eto amin'ny Fitandremana misy antsika. Misaotra an'Andriamanitra isika satria mbola nomeny tombon'andro ka tratr'izao fotoana mamy izao.
Faly miarahaba antsika Fiangonana Ambohitantely tratr'izao fotoana lehibe izao . Miarahaba manokana ireo taranaka nandray anjara nandritra ny "Herinandron'ny taranaka", ary miarahaba manokana na zana-paritra rehetra nanana anjara tamin'ny "tsenabe'ny taranaka". Nofidiana manokana ry Havana ny Salamo-37:4
nataon'i Davida mba hifankaherezantsika ary indrindra indrindra mba hiatrehantsika ny fetin'ny taranaka tsy amim-pahazarana fotsiny, fa mba ananantsika fiainam-panahy ravoravo sy falifaly nohon'ny Fahasoavan'Andriamanitra ka nahafahantsika nihaona indray miara-makalaza an'Andriamanitra rahateo nohon'ny fitahiany. "Miravoravoa amin'i Jehovah ianao", izany hoe mifandraisa amin'ilay Tsitoha ianao amin'ny fifaliana sy ny fanetren-tena. Na mivavaka miresaka amin'Andriamanitra ianao, na mamaky ny Soratra Masina, na manatanteraka ny asa fanompoana eo anivon'ny Fiangonana sy ny ankohonana ary ny tokantrano dia aoka hanana fifaliana, eny fa na dia amin'ny fahoriana aza araka ny Epistily ho an'ny Romana 5 : 3-5; satria ny fifaliana amin'ny fahoriana mahatonga faharetana, izay mahatonga fahatsaram-panahy voazaha toetra hahazoana fanantenana. Raha eo amin'ny fiainana andavanandro sy ny maha-olombelona dia vokatra tamin'ny zavatra azo na zavatra natao ny firavoravoana sy ny fifaliana. Fa eo amin'ny Soratra Masina kosa raha ity Salamo 37:4 ity dia mpanome vokatra ny firavoravoana sy ny fifaliana rehefa miaraka amin'ny Tompo isika. Izany hoe tsy mba valin'ny nataonao ny fifaliana fa ny fifaliana no manome anao fiadanana sy izay irin'ny fonao ka nahatonga an'i Apostoly Paoly milaza ao amin'ny Filipiana 4 : 4 manao hoe "Mifalia mandrakariva ao amin'ny Tompo; hoy izaho indray: Mifalia! Mpanompon'Andriamanitra isika ka tokony hanam-pifaliana hatrany."
Fetin'ny taranaka isika ry Havana, koa miravoravoa ianao amin'i Jehovah, mifalia amin'ny manodidina anao, ataovy amin'ny fifaliana ny asa fanompoanao.
Sarobidy loatra mantsy izany fetin'ny taranaka izany ka tokony hananantsika aim-panahy manokana, feno fiadanana ho antsika sahady. Dia ho fetin'ny taranaka hiravoravoanao ao amin'i Jehovah anie ity fetin'ny taranaka 2019 ity, ka hifaly ianao na eo amin'ny asa na eo amin'ny teny izay ambaranao, ka dia ho tonga aminao izay irin'ny fonao.
Mahereza sy mahatanjaha fa Jehovah Andriamanitrao no miara-mandeha aminao, tsy handao anao na hahafoy anao Izy.

Ho Azy irery ny Voninahitra.

***ANDRIANANJAVAO Herinaivo, Diakona***
***Filohan'ny Fiangonana***

## HERINANDRON'NY TARANAKA 2019

Ny Alatsinainy 30 septambra 2019 no nanomboana ny herinandron'ny Taranaka.
Ny ***Taranaky ANDRIANONY*** Tonian'ny Isanenimbolana no nisantatra an'izany. Ny Talata kosa dia ny Taranak' Itompokolahy ***RASOAMAHARO Vincent sy RATSIHOSENA ary RASOAMAMPIANINA***. Ny Alarobia dia ny Taranaky ny Mpitandrina ***RALIBERA Rainy sy RAZAIARIVONY vadiny***. Ny Alakamisy no anjaran'ny Taranaky ***RANAIVO RAHAMEFY***, ary ny namarana azy ny Zoma dia ry zareo Terak'i ***RAINIANJAVAO sy RANIVO.***
Ny Sabotsy, toy ny isan-taona dia ny Tsenaben'ny Taranaka ao amin'ny tokontanin'ny Akany. Izay hahitana varotra fampirantiana hataon'ireo Sampana sy Zana-paritra eto amin'ny Fitandremana ihany.






***« Tsy ianareo no nifidy Ahy fa Izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo mba handeha sy hamoa, ary mba haharetan'ny vokatrareo, mba homen'ny Ray anareo izay rehetra hangatahinareo amin'ny anarako na inona na inona ». Jaona 15 :16***

Taom-panavaozana ity taona ity ka izany Teny izany no Teny entina hiarahabana ireo Sampana izay nahavita ny fanavaozana ny Biraony indray. Ireto Sampana efatra sy Sampan'Asa iray ireto indray no nahavita ny fifidianana tao anatin'izay roa volana izay. Toy izao manaraka izao ny anaran'ireo Birao isan-tsokajiny,
Andriamatoa sy Ramatoa isany:

### Sampana Fikambanan'ny Raiamandreny Kristiana

**FILOHA** : RAKOTONJANAHARY Lalanirina
**FILOHA MPANAMPY** : RAMBOASOLO Harinavalona
**MPITANTSORATRA** : RAKOTONIRINA Landiniriaina
RAVELOARIMANANA Irène
**MPITAHIRY VOLA** : RALALARIMANANA Herivololona
**MPITANTSORATRY NY VOLA** : RABEFANDRANTO Nalinandrasana
**MPANOLOTSAINA** : ANDRIAMAZAORO Eliane, ANDRIAMAHEFA Mino, RARINDRA Fidèle

### Sampana CHORALE MAINTIMOLALY

**FILOHA** : RAKOTOMALALA Joe
**FILOHA MPANAMPY** : RANDIMBISON Elia
RAZOELINARIVO Bako
**MPITANTSORATRA** : ANDRIAMIHASOA Lalaina,
RATSIMISETA Naomy Candice
**MPITAHIRY VOLA** : RAJAONARY Liva
**MPITANTSORATRY NY VOLA** : RAMANDAVOLA Manitra
**MPANOLOTSAINA** : RAJOELINA Nanja, Do-Risika

### Sampana Mpanazava sy Tily

**FILOHA** : RANAIVOSON Andry Herihasina
**FILOHA MPANAMPY** : RAKOTONDRAVELO Andry
**MPITANTSORATRA** : RAJAONARISON Balisoa
**MPITAHIRY VOLA** : DO-RISIKA
**MPITANTSORATRY NY VOLA** : RAMBININTSOA Nirina
**MPANOLOTSAINA** : RAMIANDRISOA Tiana

### Sampana Tanora Kristiana

**FILOHA** : RAMASINDRAIBE Girard
**FILOHA MPANAMPY** : ANDRIAMIALIRANTO Ntsoa
RAMANANTSIRESY Fenitra
**MPITANTSORATRA** : ANDRIANDAFY Lili Jocelyn
RAOELINJATO Harimasifinoana
**MPITAHIRY VOLA** : RATSIMBA Andrianina
**MPITANTSORATRY NY VOLA** : RABESON Andrianjafintrimo

### Sampan'Asa Fitoriana ny Filazantsara

**FILOHA** : RATSIMBAZAFY Claudine
**FILOHA MPANAMPY** : ANDRIAMANJATO Faramalala
**MPITANTSORATRA** : RAMAROMISA Miarintsoa
**MPITAHIRY VOLA** : RAHANTAVOLOLONA Honorine
**MPITANTSORATRY NY VOLA** : ANDRIAMISEZA Mahery
**MPANOLOTSAINA** : RAZAKARIVONY Lanto
RAKOTOVAO Zaka

## SAMPANA FIFOHAZANA

**TSANGAMBATO FAHA 25 TAONAN'NY SAMPANA FIFOHAZANA AMBOHITANTELY**
**( 1991 – 2016 )**

Isaorana Andriamanitra fa vita soamantsara ny fanorenana ny toeram-pidiovana any amin'ny Toby Betela Ahitantsoa Ambohibao, asa nanamarihana ny tsangambato faha-25 taonan'ny Sampana Fifohazana Ambohitantely.
Notokanana ny Alatsinainy faha 26 Aogositra 2019 teo izany, natrehan'ny solontena avy amin'ny biraon'ny fitandremana Ambohitantely, izay mpiandry rahateo.
7 400 000 Ariary ( Efatra Hetsy sy Fito Tapitrisa Ariary ) no lany tamin'ny fanorenana. Tena tsapanay ny fanohanan'ny Tompo ny asa tamin'ny alàlan'ny kristianina eto Ambohitantely. Koa manolotra ny fisaorana feno sy ny fankasitrahana anareo rehetra nanohana sy nitrotro am-bavaka, nanolo-tsaina sy nanome tànana anay tamin'ny fomba hita maso, nanamarina ny tenin'ny Tompo hoe " mba ho iray ihany izy rehetra "
( Jaona 17,21 )
Andriamanitry ny Fiadanana anie hamaly ny fitiavana lehibe nasehonareo ho voninahitry ny Anarany.

Mampahafantatra antsika fiangonana koa fa ankoatra ny Asa sy Fampaherezana fanao isaky ny alahady faharoa, dia misy fiaraha-mivavaka, fianarana Soratra Masina miaraka amin'ny " Rendez-vous avec la Bible" ( RVB ), fitondrana am-bavaka ny Fiangonana sy ny asany, ny firenena, ny marary...isaky ny Alarobia maraina amin'ny 9 ora sy sasany hatramin'ny 12 ora eto amin'ny fiangonantsika, hanasàna izay rehetra mangetaheta hitombo amin'ny finoana sy ny fahalalana an'i Jesoa Kristy Tompontsika.

Ho an'Andriamanitra irery anie ny voninahitra amin'izay asa vita sy izay mbola hampanaoviny.




*Tsangambato faha 25 taona*
*SAFIF 1991-2016*

# CHORALE AMBOHITANTELY

**AKOM-PANKASITRAHANA**
**04 Aogositra 2019**



Fotoana manokana tena hafakely tokoa, ary ho tsarovan'ny tantatra , no natao teto Ambohitantely ny Alahady 4 Aogositra 2019 tolakandro. Izany fotoana manokana izany dia nampitondraina ny loha-hevitra hoe AKOM-PANKASITRAHANA, nokarakarain'ny fiangonana sy ny Chorale Ambohitantely izay mankalaza ny faha-55 taonany. Nisy ny Komity manokana izay natsangan'ny Mpitandrina Rakotonavalona Maholy mivady , notarihany ary nentaniny ka namolavola sy nanatontosa ny fanatanterahana ny fotoana iray manontolo.

Izany moa no natao dia ho fankasitrahana an'Andriamanitra noho ireo fanomezam-pahasoavana nomeny an' Atoa Raoelison Willy Yves ( na RWY) noho ireo asa nilofosany ka naharetany 55 taona tao amin'ny Chorale ( mpihira, taty aoriana mpitendry zava-maneno ( conducteur ), taty aoriana mpampianatra hira, Chef de chœur, birao, Filoha, mpanolotsaina....). Teo amin'ny fiangonana kosa dia nanao ny asa fanompoan'ny Diakona nandritra ny 36 taona izao, mpitendry orga ny fiangonana nandritra ny 50 taona ka hatramin'izao.

Ny tapany voalohany dia fanompoham-pivavahana , ka ny mpitandrina no nanao ny toriteny.

Ny tapany faharoa kosa dia nanarahana sy niainana rindra-kiram-pivavahana, ka niandraikitra ny fanolorana tamin'izany Rtoa Ratsimbazafy Claudine sy Atoa Ravalitera Nalisoa. Nandrafitra izany moa ny sombiny tamin'ireo hiram-pivavahana maro karazany noforonon'i RWY hatramin'ny taona efa ela ka nomeny ho hirain'ny Chorale Ambohitantely. Ny tonon-kira rehetra moa teny am-pelatanan'ny tsiriray, koa dia nifantoka tamin'ny teny tokoa ny mpivavaka.

Ka raha ny Chorale Ambohitantely ihany no nanao ny fizarana voalohany, dia nirotsaka sy nifarimbona nanao ny fizarana faharoa kosa ireo tsy nampoizina. Nifamdimby sy niara – nihira nandray "micro" tao ny mpitandrina mpiana-draharaha mianadahy, ny solontenan'ny Diakona sy Loholona, ny katekomena Andia "Mahery" 2019, ny solontenan'ny mpikambana ao amin'ny CMA sy Feo Tantely, Faramalala Andriamanjato, Stenny, Rija Ramanantoanina.

Mazava ho azy koa fa dia niredona tokoa ny hira nataon'ny fianakavian'i RWY mivady izay vory lanona tokoa. Nanafàna manokana ny fotoana koa ireo mpitendry zava-maneno eto amin'ny fiangonana.

Samy nanolotra sertifikà fankasitrahana moa na ny fiangonana, na ny Chorale, nisy ihany koa ireo fanomezana manokana, ny fiarahabana sy tsodrano avy amin'ireo fiandraiketana sy sampan misy eto amin'ny fiangonana. Ankoatra izany dia nisy ny fanamarihana ny tsingerintaonan'i RWY tamin'ny alàlan'ny "gâteau d'anniversaire" manokana.

Namarana ny fotoana moa ny teny nangatahana ho entin'ny tompom-pety. Ary dia niavaka tokoa ny teny, satria tsy araka ny teny fandre mahazatra amin'ny fotoan-jobily toa ireny. Fanetretena lehibe tokoa, ka hita sy tsapa tena nisongadina sy namirapiratra fatratra ny voninahitr'Andriamanitra, dia ilay Andriamanitra ankasitrahan'ny natao jobily ka nitenenany hoe " ny tànanao nanao ahy sy namboatra ahy". ( Salamo 119, 73a )

Teo am-pisarahana , dia nanolotra mofo-mamy ho enti-mody ho an'ny tsirairay ny Chorale sy RWY mivady ho famenon'ny fifampizarana fifaliana. Ary tsy vitan'izany fa dia mbola nisy ihany koa boky kely manokana mirakitra tonon-kira amin'ireo hira sasany noforonin'ny tompom-pety, miaraka amina CD mirakitra ireo fiarahabana avy amin'ny mpikambana Chorale tranainy any andilam-bato . Natao fanomezana nozaraina maimaimpoana izany boky/CD izany.

Feno dia feno sady lavorary tanteraka ny fotoana , fa dia tena an'Andriamanitra tokoa ny voninahitra !

# LASIN'ASA/ MAHAJANGA

Nanatanteraka lasin'asa tany Mahajanga ny Chorale Ambohitantely ny 9 ka hatramin'ny 16 septamra teo. 25 mianaka no niara-nanatanteraka izany lasin'asa izany.. Tao @ tokantranon'ny mpikambana teo aloha: "Coco sy Lalatiana" no nivantana ary tao ihany koa no nipetraka nandritra NY fotoana rehetra. Nisongadina nandritra NY lasy NY fanatanterahana NY vinan'asa taona 2019. Nisy ny fifanomezan-tanana ny Mpiangona tao @ FJKM Belinta Fanantenana. Havaozina ny trano fiangonana, hitarina ka ady fototra izay efa natomboky ny Fiangonana no notohizana. Nanatanteraka Asa Sosialy tamin'ny Toeram-panabeazana zaza mania tao @ "Centre de rééducation", tany Anjarisoa ny marainan'ny zoma 13 septambra. Namangy ireo zaza nivoaka ny valan'ny fanabeazana. Ny hariva dia fitsidihana toeram-pitaizana zaza sahirana no natao ka ny iray toeram-pitaizana tantanan'ny Kaominina ary ny iray kosa toeram-pitaizana mahaleo tena. Ny toeram-panabeazana sy ny toeram-pitaizana dia samy notolorana sakafo, fitaovana ilaina andavanandro ho an'ireo ankizy tezaina sy beazina. Tsy noadinoina ny Vatsim-panahy sy ny fitondrana am-bavaka ireo toerana 3 ireo. Ny Sabotsy hariva indray dia fifanakalozan-kevitra niarahana t@ STK 'ny FJKM Belinta Fanantenana Fiangonana sy ny STK Malaza Gileada Antananarivo. Antsankiram-piderana no nanakoako tao amin'ny FJKM Belinta Fanantenana ny Alahady izay nandraisan'ny Sampana 3 tonta anjara. Ny Alahady io ihany koa nonomezan'ny CA ny anjara biriky @ fanavaozana ilay trano fiangonana sy nanolorana ireo Baiboly avy amintsika Ambohitantely. Nahatsiaro finaritra izahay nandritra ny lasy satria tsapanay ny fitondrana sy ny fitantanan'Andriamanitra anay. Mbola homeny hery sy fahavitrihana anie isika rehetra eto Ambohitantely amin'ny asa miandry tandrify ny tsirairay avy. Ny soa fidera, ny tsara fankalaza, fa ny Voninahitra kosa ho an'Andriamanitra Irery ihany.

***Ny Mpitantsoratra RAZAKARIVONY Oméga Faravololona.***



*« Mankalaza an'i Jehovah amin'ny fananao sy amin'izay voaloham-bokatrao rehetra »*
*Ohabolana 3 and 9*

***Io andalan-tsoratra Masina io indray ry mpianakavy ao amin'ny Tompo eto Ambohitantely, no entinay Gazety Tantely ifampiarabatsika amin'izao fotoam-bokatra eto amin'ny Fitandremana izao. Indray mandeha isan-taona tokoa mantsy no anaovantsika io fanateram-bokatra io. Indreto ary, tanora vitsivitsy efa manana traikefa eo amin'ny andraikitra sahaniny sy famatorana eo amin'ny fiainana izay nitafatafa taminay ary nanolotra ny heviny amin'ny famaliana ireto fanontaniana telo ireto :***
***1)Aminao, inona no atao hoe : « fananteram-bokatra » ?***
***2)Ilaina ve ny fanomezan-danja izany hetsika izany eo amin'ny fiainan'ny fiangonana ?***
***3)Inona ny hafatra atolotrao an'ireo tanora manoloana ny adidy aman'andraikitra tokony sahanina eto amin'ny fitandremana ?***



« Hafitoana no hitandremanao andro firavoravoana ho an'i Jehovah Andriamanitrao eo amin'ny tany izay hofidin'i Jehovah, satria hitahy anao Jehovah Andriamanitrao amin'ny vokatrao rehetra sy ny asan-tànanao rehetra, ka dia hifaly tokoa hianao. » Deoteronomia 16 :15

Tsy noho ny herintsika na ny tanjantsika no mahatonga antsika ho velona sy miaina ary manana fahasalamana, fa noho ny fitahiana sy ny fitantanan'Andriamanitra ary ny famindram-po tsy tapaka avy aminy. Ka amiko, ny fanateram-botraka dia hetsika iray entina hanompoana an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanolorana fanatitra, ho mariky ny fankasitrahana Azy noho ny soa rehetra nomeny sy ny fahasoavana narotsany tao amin'ny fiainantsika.

Manan-danja tokoa ny fanateram-bokatra eo amin'ny fiainan'ny fiangonana satria, hetsika iray entina hampandrosoana ny asa eo anivon'ny fiangonana izy io. Mila fitandremana anefa ny fanatanterahana izany mba tsy ho lasa fahazarana fotsiny na fampideràna harena fa ny fontsika manolotra no zava-dehibe sy tena ankasitrahan' Andriamanitra.

Maro isika tanora ato amin'ny fitandremana FJKM Ambohitantely izay manana fanomezam-pahasoavana isan-karazany avy amin'Andriamanitra. Ka tokony ampiasaina izany talenta nomen'Andriamanitra antsika izany hanatanterahana ny asa izay ampanaoviny antsika satria, isika miara-miasa no hahatongavana amin'ny tena fandrosoana. Noho izany, dieny izao mbola tanora izao isika, dia entanina hanao ny adidy sy handray ny andraikitra izay tandrify antsika eo anivon'ny fiangonana mba ho lasa fitaizam-panahy hitondra ny fiainatsika manontolo.

***RATIARISON Famenontsoa Itokiana, 20 taona***

Ny fanateram bokatra amiko dia endrika fisaorana an'Andriamanitra nohon'ny fitahiany tamin'ny asa sy/na andraikitra sahanina ka nahitana vokatra.

Ilaina ny fanomezan-danja ny fanateram-bokatra eo amin'ny fiangonana mba ho fampatsiarovana ny mpino fa tsy ny fahasoavan'Andriamanitra no nahazahoany vokatra fa tokony isaotra sy hanome voninahitra Azy mandrakariva izy ireo.

Ny hafatra dia ny hoe: maro dia maro ny andraikitra sahanina eo amin'ny fiara-monina ary mety tsy hanana fotoana ho an'ny zavatra hafa intsony. Anefa raha mametraka ny zava-panahy ho eo ami'ny laharana voalohany isika tanora amin'ny fiainantsika dia ho hazavain'Andriamanitra hatrany hatrany ny lalantsika. Fahasoavana ny manompo an'Andriamanitra amin'ny endrika rehetra.



***RANDRIAMAHEFA Rindra Lova Ny Aina, 28 taona***



Maro ny fomba azo entina maneho ny asa fanompoana eo anivon'ny fiangonana sy amin'ny maha kristianina. Isan'ny endrika iray ahitàna izany mivantana sy mivaingana ny fanateram-bokatra. Tsy inona izany fa fanaterana ho an'ny Tompo ny ampahany amin'izay anjara-pahasoavana voaray noho Izy ihany.

Mitana anjara toerana lehibe eo amin'ny lafiny hoeti-manana amin'ny fampandehan-draharaha sy fanatanterahana ireo vina sy tetikasa eo anivon'ny Fiangonana izany. Ary eo amin'ny lafiny maha Kristianina indray, dia endrika iray anehoan'ny isan'olona ny fankasitrahany manokana an'Andriamanitra, noho izay anjara-pahasoavana noraisiny.

Noho izany dia Sady antoky ny fahavelomana sy fitohizan'ny fiainan'ny Fiangonana, izay marihina manokana fa ho an'ny Fjkm dia tsy miankina afatsy izay avy amin'ny heriny manokana, no fanabeazana ho an'ny tanora sahady amin'ny fandraisana anjara eo amin'ny adidy ao am-piangonana, izay miorina tsara amin'ny etika maha Kristianina rahateo.

« Ary toy izany ihany koa ianareo: raha fatra-paniry ny zava-panahy, dia izay hampandroso ny fiangonana no tadiavo indrindra » (Korintianina I,14, 12) teny iray entina ampaherezina ny tsirairay, indrindra fa ny tanora, mba ahatsapany fa tsy verivery foana akory izay ezaka atao ho an'ny asan'ny Fiangonana. Ary koa, izay rehetra atao na kely na lehibe ny marika hita maso, ny an'Andriamanitra dia izay toe-po sy toe-panahy nentina nanatanterahina izany no jereny. Fotoana iray mahatafavory sy mampiray ny mpino, no sady ifandraisan'ny isambatan'olona manokana amin'Andriamanitra ny fanateram-bokatra.

***RANDRIAMAMPIONONA Eddy, 29 taona***

Ny fanateram-bokatra, amiko, dia fankasitrahana an'Andriamanitra. Izany hoe valim-pitia atolotra ho fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra izay efa nahary sy nohon'ny fitantanany ary ny izay rehetra efa sy mbola omeny antsika maimaim-poana

Tena ilaina tokoa ny fanomezana ny toerana sahaza azy ny fanateram-bokatra, satria eo amintsika Malagasy ny vato aza raha nahitana soa osora-menaka, vao maika moa ka Andriamanitra izay nahary sy mihahy antsika.

Misy amintsika tanora no mihevitra indraindray fa ny vokatra dia ny vola ihany, tena ilaina tokoa izany, fa tsy izay ihany no afaka ankasitrahantsika an'Andriamanitra satria na ny talenta na ny fotoana eny fa amin'ny fiainantsikar andavan'andro dia mila mijoro isika fa Kristianina noharina sy tantanin'Andriamanitra. Koa mazotoa isika mampiasa ny talenta sy ny fotoanantsika amin'ny fanompoana an'Andriamanitra.



***RAJAONARY Ny Andrianina Tsilavina, 25 taona***



1)Ny fanaterambokatra amiko dia fotoana iray natokan ny mpino kristiana ho fisaorana sy fankasitrahana an Andriamanitra nohon ny fitahiany, ka amin io fotoana io no hitondrana ny vokatra rehetra ho fanatitra izay mety ho vokatra avy an tsaha toy ny voankazo. na tantely. nefa ihany koa mety ho vola .

2) Ilaina ny fisian ny fanateram bokatra eo am fiainan ny fiangonana ho fiaraha mifaly. fotoana fanavaozana ny fanoloran tena sy ho fanomezan danja ny fahasoavana nomen Andriamanitra ary marika ny fahatokisana fa mbola ho tahiny amin ny asa izay mbola ho avy.

3)Ny hafatra ho an ny tanora manoloana ny andraikitra eto amin ny fitandremana Ambohitantely : mila arahina asa ny finoana . maro ny sampana azo hanompoana an Andriamanitra. ao amin ireny no hahafahana maneho sy mizara ny talenta nomen ny Tompo ny tsirairay sy hijoroana ho vavolombelon i Jesoa. Aza miandry fotoana rehefa miantso anao ny tompo. Ny fisianao dia hery lehibe mampandroso ny fitoriana ny filazantsara sy mampitombo ny finoana.

***RANDRIAMASY Matio***

***Nangonin'i Malalasoa RAJONSON***

# IREO NODIMANDRY

09 April 2019
RASAMOELY Voahangy
15 May 2019
Ny Andriandahy RAZAFIARISON Richard
26 May 2019
RAHAMEFY Josette Vololonjiva ( Teraka RASOLOFOHERY )
Loholona Vady navelan' Itpkl Rahamefy Ratafika Severin
08 Jona 2019
Jeremie Edouard RAMPANOELINA
ANDRIANJAFINTRIMO
RANDRIANIRINA Vololona Teraka Ranjevarisoa Loholona
25 Jona 2019
RAJAONAH-RATSIMISETRA Andrianirina André
30 Jona 2019
RASOLOFONIRINA Harilalasoa Irène
07 Jolay 2019
Princesse RAMOMAHARISOA Primevère Dorkasy
17 Jolay 2019
Ny Andriana Dr ANDRIAMPENO RABEFIRINGA Ravo
18 Jolay 2019
Ny Andriambavy RAZANADRAZAFY
14 Aogositra 2019
RAHAMEFY Adeline Loholona
(Vady navelan'Itpkl RAJAONARIVELO Jeannot)
30 Aogositra 2019
ANDRIANASOLO Robin Mamy
02 Septambra 2019
RAMINOARISOA Sahondra (Bebe Ramino)
02 Septambra 2019
RAZAFINDRAJERY ANDRIANJAFITRIMO Zacharie (Jery)
06 Septambra 2019
RANARIVELO Harimalala Tianasoa Vololona
teraka RAMAROZATOVO
11 Septambra 2019
HARIBENJA ANDRIANASOLO Jocelyne

# FIANDRAIKETANA NY ASA SOSIALY

Toy ny fanao isan-taona dia mitsinjo ireo lolohan 'ny Fiangonana miangona Zoma hariva isika eto Ambohitantely. Nanolotra azy ireo fitaovam-pianarana ho fitsinjovana ny fidiran'ny mpianatra ary akanjo mafana. Nisy ihany koa ny fizarana arendrina ho an 'ny ankizy tamin'ny 26 Jona teo izay nentina nakalazana ny fetim-pirenena.
Ireo entana atolotra ireo moa dia natolotry ny malala tanana sy ny mpiangona tsirairay ato ampiangonana ihany.
Tsara hatrany ihany koa anefa ny mampahafantatra antsika mpiara-mivavaka fa ireo lolohan'ny Fiangonana ireo dia sady mianatra Sekoly Alahady no misy miomana ny ho mpandray ny fanasan'ny Tompo ihany koa.
Farany, izahay eto amin'ny Fiandraiketana ny Asa Sosialy dia miantso sy manentana antsika hatrany mba hifanome tanana aminay amin'ny fanampiana azy ireo.
Manararaotra ihany koa misaotra anareo rehetra tamin'ny ezaka rehetra efa vita.
Ho Azy Andriamanitra irery ny Voninahitra.

# BATISA

21 April 2019
RAKOTOVAO Ny Angola Raitra Mahatehotia
05 Mai 2019
RAJAONARISON Yantso Irinah
RAJAONARISON Ainiray Ilonah
09 Jona 2019
RATRIMOARIVONY Miamitiana Velo Mahery
RATRIMOARIVONY Raisitiana Miorina Heritoa
09 Jona 2019
RASOLOFONDRAIBE Aiky Nathanaël
09 Jona 2019
RANAIVOSOA Hifaliako Timéo
16 Jona 2019
RAONIVELO Mael Henipitia
16 Jona 2019
RAHARIJAONA Ikalasoa Jade
30 Jona 2019
RAZAFINJATOVO Fitahiana Hasinjaka Matthieu
RAZAFINJATOVO Finoana Marc Nathanaël
07 Jolay 2019
RATSIMBAZAFY Endrika Sariaka
07 Jolay 2019
BEYRIE Alexia
21 Jolay 2019
RAHARIJAONA Iriniaina Joe
21 Jolay 2019
RAHARIJAONA Nomentsoa Sambatra Raphaël

# MARIAZY

25 Mai 2019
RAMANANTSIHOARANA Ndimbisoa Razafitsialonina
DIVAMASINIAINA Elinavalona Fenitravo
02 Aogositra 2019
RAMANIRAKA ANDRIAMALALA Tiana
RANDRIAMAMPIANINA Maronjaka Ikanony
14 Septambra 2019
RAKOTOARISOA José Haritiana
RAHERITSIFERANA Miaritiana Vaniala
21 Septambra 2019
RAJERISON Ny Tendry Tsitohaina
RANDRIAMANANA Hoby Mireille Liantsoa



Fizarana arendrina 26 jona 2019



Fizarana fitafiana


Fisindana sady Fiofanana Diakona sy Loholona tany Moramanga


Fisindana sady Fiofanana Diakona sy Loholona tany Moramanga


Famaranana ny fiofana Diakona sy Loholona tetsy amin'ny DLC


Tranaky ANDRIANONY i-6



Poa-tsatroka Naly


Tranaky RASOAMAHARO


Fanokanana Birao Sampana Tanora Kristiana


Fanokanana Birao Sampana Tokantrano Tanora Kristiana


Fanokanana Birao Sampana FRK


Fanokanana Birao Sampana AFF